Mivory amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Tompo

Mivory amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Tompo

Bibles et **P**ublications **C**hrétiennes
30, rue Châteauvert BP 335 F-26003 Valence cedex

Imprimé en France

Fizahan-takila >

ISBN : 978-2-87907-388-0
Réunis au nom du Seigneur Jésus Christ
Couverture, photo © Paul Jacquin

Fampidirana 5

Iza moa ireo kristiana ireo? 6

Moa afaka ny hisalotra anarana azy manokana ve izy ireo? 6

Mpikambana ao amin'ny inona izy? 7

Moa tsara noho ny hafa ve izy ireo? 8

Inona no fotom-pampianarany? 9

Inona no zavatra iriny? 10

Aiza ny toeram-pivoriana ankasitrahan'Andriamanitra? 12

Inona no nisy tany am-boalohany? 14

Moa tsy mitondra fikorontanana ve izany? 16

Moa tsy fanorenana sekta vaovao indray ve ny fialana amin'ny Fiangonana naorin'olombelona? 17

Moa manan-jò hisafidy ve isika? 18

Fampidirana

Ny anarana isalorany, na ny fototra iorenan'ny fivoriana ataony, no amaritana ny sekta anankiray, na ny fiangonana anankiray, na ny fikambanana ara-pivavahana anankiray, amin'ny ankapobeny. Mety hanana fomba fijery mampiavaka azy izy, izay mifanaraka na tsia amin'ny ambaran'ny Baiboly, dia firehana araka izay nampitain'ny olo-malaza nanorina azy.

Misy ihany koa kristiana sasantsasany izay maniry ny hivory, tsy manao olombelona anankiray ho ivony, na olon'ny fivavahana tokoa aza io ; tsy manao foto-pampianarana anankiray ho ivony, na foto-pampianarana marina tokoa aza io ; fa manao ny Tompo Jesoa Kristy irery ihany, dia Ilay Zanak'Andriamanitra velona, ho ivony. Ilay fampanantenana nataon'io Tompony io, izay fampanantenana mbola marina mandraka ankehitriny, no ianteherany. Hoy indrindra ny fampanantenana nataony :

« ... Fa na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo amin'ny anarako dia ao afovoany Aho »[1].

---

1. Matio 18. 20

Iza moa ireo kristiana ireo ?

Ireo izay resy lahatra fa Ilay Jesoa Kristy maty, nitsangana tamin'ny maty, ary mitafy voninahitra eo an-kavanan'ny Ray ankehitriny, no Mpamonjy tena ilainy marina tokoa. Navelan'i Jesoa heloka izy ireo, nampihavaniny tamin' Andriamanitra, ary nomeny fiainana mandrakizay. Ny « fahateraham-baovao » no lalana nahatafidiran'izy ireo ho anisan'ny ankohonan' Andriamanitra, sy nanolotra azy ny zo ho zanak'Andriamanitra. Nanomboka tamin'io fotoana io no nahatonga azy ireo ho tena kristiana marina tokoa, fa tsy kristiana anarany fotsiny.

Hoy i Jesoa :
« *Raha tsy ateraka indray ny olona dia tsy mahazo mahita ny fanjakan'Andriamanitra* »[2].

Moa afaka ny hisalotra anarana azy manokana ve izy ireo ?

Tsy afaka ny hanao izany izy, satria mazava be ny tsy fankasitrahan'ny Baiboly izany.

« *Raha hoy ny anankiray : Izaho an'i Paoly, ary ny anankiray kosa : izaho an'i Apôlôsy... Inona*

2. Jaona 3. 3 sy 5

moa Apôlôsy ary inona moa Paoly ? Mpanompo ihany izay nahatonga anareo ho mpino ireo ».
« Voazarazara va Kristy ? »[3].

«... Ary tany Antiokia no voalohany nanaovana ny anaran'ny mpianatra hoe kristiana »[4].

Tsy afaka, ary tsy mahazo misalotra anarana hafa mihitsy ny mpino, noho izany. Ny anaran'i Kristy irery ihany no tsy maintsy isalorany hatrany hatrany (dia ny hoe « Kristiana »), izany no ilay *anarana tsara niantsoana azy*[5].

Mpikambana ao amin'ny inona izy ?

Tsy miresaka mpikambana ao amina fiangonana anankiray mihitsy ny Baiboly. Tokana ihany ny zavatra ambarany : tonga mpikambana ao amin'ny tenan'i Kristy, tonga « anisan'ny tenan'i Kristy », ireo tena zanak'Andriamanitra marina tokoa.

« Satria iray ihany ny mofo, dia tena iray ihany isika na dia maro aza ; fa isika rehetra dia samy mandray izany mofo iray izany avokoa »[6].

---

3. 1 Korintiana 3. 4, 5 sy 1. 13 • **4.** Asan'ny Apôstôly 11. 26 • **5.** Jakoba 2. 7 • **6.** 1 Korintiana 10. 17

« Fa momba ny tenany isika – nofo iray aminy »[7].

« Fa toy ny ananantsika zavatra maro momba ny tena iray, nefa tsy mitovy asa izay rehetra momba ny tena, dia toy izany koa isika, na dia maro aza dia tena iray ihany ao amin'i Kristy, ary samy miara-momba ny tena isika rehetra »[8].

« Fa Andriamanitra efa nametraka izay rehetra momba ny tena, samy ho eo amin'ny tena araka ny sitrapony... Ary ianareo no tenan'i Kristy, ka samy momba ny tenany avokoa araka ny anjaranareo avy » [9].

Moa tsara noho ny hafa ve izy ireo ?

Tsy tsara noho ny hafa mihitsy akory izy ireo, raha hoe izy tenany ihany no ifantohana. Ny fahasoavan'Andriamanitra no nahazoany an'ireo tombondahiny rehetra tonga ho azy ankehitriny. Io fahasoavan'Andriamanitra io no naha voavonjy azy, io no miaro azy, io no manamarina azy raha sendra manota izy ka mifona amin'

---

7. Efesiana 5. 30 • **8.** Romana 12. 4-5 • **9.** 1 Korintiana 12. 18 sy 27

Andriamanitra[10]. Fantany tsara fa tsy azo hatsaraina na oviana na oviana ny « nofo », dia ilay toetra taloha izay mbola ao anatiny ihany na efa kristiana aza izy. Fantany fa mbola mety hahavita zavatra manala baraka an'Ilay Tompony ihany izy, raha tsy mitandrina. Manaiky sy mitia an'ireo kristiana isam-batan'olona izy, satria fantany fa mifamatotra aminy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ho tena, na vatana, iray ao amin'i Kristy izy ireo.

Inona ny fotom-pampianarany ?

Izay ampianarin'ny Baiboly tokana ihany, tsy misy anampiana ary tsy misy analana. Izay ambaran'ny Soratra Masina, dia ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao mitambatra. Ekeny ho fanambaràna ampitain'Andriamanitra ho an'ny olombelona ny Soratra Masina iray manontolo. Io Soratra Masina io no hany tokana mifehy ny fiainany ; io no hany tokana mirakitra ny fitsipi-pitondrantena tokony harahina ; io no hany tokana mahavaly an'ireo fanontaniana lehibe sy iankinana aina rehetra.

---

10. 1 Jaona 1. 9

« Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana » [11.]

Inona no zavatra iriny ?

Ny hanoa ny Tenin'Andriamanitra ; ny hanaraka amim-panetren-tena ny lalana nosoritany. Mitarika ho amin'ny fisarahana amin'izay rehetra tsy ankasitrahan'Andriamanitra io fankatoavana io.

« Aza mety hasiana zioga tsy antonona anareo hikambanana amin'ny tsy mino. Fa inona no iraisan'ny fahamarinana sy ny fahotana ? Ary inona no iombonan'ny mazava sy ny maizina ? Ary inona no ifanarahan'i Kristy sy Beliala ? Ary inona no iraisan'ny anjaran'ny mino sy ny tsy mino ? »[12]

« Koa aoka isika hivoaka hankeo aminy (hankeo amin'i Jesoa) eo ivelan'ny toby, mitondra ny latsa izay nentiny »[13].

---

11. 2 Timoty 3. 16 • **12.** 2 Korintiana 6. 14-15 • **13.** Hebreo 13. 13

Mitarika an'ireo mpino hiala amin'ny vondrona sy ny fikambanana ara-pivavahana naorin'olombelona, na tarihin'olombelona, ny fankatoavana ny Tenin'Andriamanitra. Misarika azy hanaraka ny lalana nosoritan'ny Tenin'Andriamanitra izany. Tokana ihany ny tena Fiangonana, araka ny ambaran'io Tenin'Andriamanitra io. Tsy inona izany fa ny Fiangonan'Andriamanitra velona, izay ivondronan'ireo mpino nateraka indray.

> « *Ka dia atsangana koa ianareo tahaka ny vato velona ho trano fanahy, ho fisoronana masina, hanatitra fanati-panahy sitrak'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesoa Kristy* »[14].

Maharikoriko an'Andriamanitra ny fampitambarana ny mazava sy ny maizina. Tsy afaka ny hiharoharo amin'ny tsy mpino mihitsy ny mpino, araka izany, raha hivavaka amin'Ilay Andriamanitra masina. Ary etsy an-daniny, na malahelo aza izy ireny, dia tsy afaka ny handray ny Fanasan'ny Tompo miaraka amin'ireo kristiana mpikambana ao anatin'ny vondrona tsy mandray ny Tenin'Andriamanitra ho hany fahefahana feno – na anisan'ny mpivavaka ihany

---

14. 1 Petera 2. 5

tokoa aza izy ireny. Izany indrindra no antony nameperan'ny Tompo mafy an'ireo olony hoe :

« Koa mivoaha eo aminy ianareo ka misaraha aminy, hoy Jehovah... ary ho Rainareo Aho, ary ianareo ho zanako lahy sy ho zanako vavy, hoy Jehovah Tsitoha »[15].

«... Aoka ny olona rehetra izay manonona ny anaran'ny Tompo hiala amin'ny ratsy... », mba hanaraka « ny fahamarinana, finoana, fitiavana, fihavanana, amin'izay miantso ny Tompo amin'ny fo madio »[16].

Aiza no toeram-pivoriana ankasitrahan'Andriamanitra ?

Hoy ny voalaza mikasika an'ireo kristiana voalohany :

« Ary izy ireo naharitra tamin'ny fampianaran'ny Apôstôly sy ny fiombonana sy ny famakiana ny mofo ary ny fivavahana »[17].

---

15. 2 Korintiana 6. 17, 18 • **16.** 2 Timoty 2. 19 sy 22 • **17.** Asan'ny Apôstôly 2. 42

Hitantsika koa any amin'ny andininy hafa ny filazana hoe :

« Iray ny tena ary iray ny Fanahy, dia toy ny niantsoana anareo ho amin'ny fanantenana iray momba ny fiantsoana anareo. Iray ny Tompo, iray ny finoana, iray ny batisa. Iray Andriamanitra sady Rain'izy rehetra »[18].

« Fa tamin'ny nanamboaran'Andriamanitra ny tena... mba tsy hisy fisarahana eo amin'ny tena ».
« Ary mananatra anareo aho, ry rahalahy, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Tompontsika, mba hiray teny ianareo rehetra ka tsy hisy fisarahana eo aminareo fa mba ho tafakambana tsara ianareo, hiray saina sy hevitra »[19].

Manaporofo ny maha ara-drariny ny tokony halahelovan'ny kristiana manoloana ny fisaratsarahana misy eo anivon'ny mpino ireo fahamarinana voalaza ireo. Mankasitraka ny tokony hananany fo onena manoloana ny habetsahan'ny Fiangonana, izay tsy manao ny Baiboly ho fototra iorenany, izany anatranatra

---

18. Efesiana 4. 4-6 • **19.** 1 Korintiana 12. 24-25, sy 1. 10

voatanisa izany. Asaina misintaka miala amin'izy ireny ny mpino, ka hiverina amin'izay hatramin'ny voalohany :

« *... Izay efa renareo hatramin'ny voalohany no aoka hitoetra ao anatinareo* » [20].

« *Fa tsy misy mahay manao fanorenana hafa afa-tsy izay natao, dia JESOA KRISTY* » [21].

Inona moa no nisy tany am-boalohany ?

Nivory tamin'ny anaran'i Jesoa Kristy ny mpino, dia araka izay nambaran'ny teny efa notanisaina tany aloha :

« *... Fa na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo amin'ny anarako dia ao afovoany Aho* » [22].

Tsy mifanaraka mihitsy amin'ny fampianaran'ny Baiboly ireo fombafomba nanampy nandritra ireo taonjato maro nifandimby. Mifanohitra amin'ny sitrapon'Andriamanitra izy ireny, noho izany.

Manohitra an'ireo karazana litorjia, fetifety isan-karazany, ny vavaka sy ny toriteny omanina

---

20. 1 Jaona 2. 24 • **21.** 1 Korintiana 3. 11 • **22.** Matio 18. 20

mialoha, ireo kristiana mifikitra amim-pinoana amin'io fampanantenana nomen'ny Tompony azy io. Tsapany ny filàna tsotra izao ny fitarihan'ny *Fanahy Masin'Andriamanitra*, sy ny tsy tokony hanekena ny fitarihan'olombelona. Tsy ny handrafitra an'izay tokony hatao eo anivon'ny Fiangonana mantsy no natao ho an'ny olombelona, fa ny hanoa an'Ilay Filohan'ny Fiangonana, dia i Jesoa Kristy.

« Zarazaraina ho samy hafa ny fanomezampahasoavana, nefa ny Fanahy dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny fanompoana nefa ny Tompo dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny asa kanefa Andriamanitra dia iray ihany, Izay miasa ny zavatra rehetra amin'ny olona rehetra ».
« Ireo rehetra ireo dia asan'ny Fanahy iray ihany, zarazarainy ho azy rehetra araka ny sitrapony » [23].

« Fa isika... izay manompo amin'ny Fanahin'Andriamanitra, ary manao an'i Kristy Jesoa ho reharehantsika ka tsy mitoky amin'ny nofo » [24].

---

23. 1 Korintiana 12. 4-6 sy 11 • **24.** Filipiana 3. 3

Moa tsy mitondra fikorontanana ve izany ?

« Fa Andriamanitra tsy Tompon'ny fikotranana fa Tompon'ny fiadanana » [25].

Tsy mitarika ho amin'ny fikorontanana na oviana na oviana ny fanoavana ny Tenin'Andriamanitra. Mifanohitra amin'izany kosa, tena mahita fikorontanana mahatsiravina Andriamanitra, rehefa ny rafi-pandaminana apetraky ny olombelona no asolon'izy ireo ny baikon' Andriamanitra. Mety ho hita ho feno fahendrena sy feno fahamalinana tokoa ireny rafi-pandaminana apetraky ny olombelona ireny, matetika ! Saingy, tena fanevatevana an'Ilay nandray antsika ho ao Aminy mihitsy izany fisalovanana ny andraikitr'Andriamanitra amin'ny fitarihana ny ankohonany izany !

Rehefa tonga saina amin'ny fahalemeny kosa ny mpino, ka manaiky hotarihin'ny Fanahy Masina, dia ho tsapany eo amin'ny zavatra iainany fa mahatoky amin'ny fampanantenana nomeny tokoa ny Tompo : « *Ho eo afovoany Aho* ».

---

25. 1 Korintiana 14. 33

Moa tsy fanorenana sekta vaovao indray ve ny fialana amin'ny Fiangonana naorin'olombelona ?

Tsy fanorenana sekta vaovao velively ny fiverenana amin'izay « hatramin'ny voalohany ». Tsy vato fanorenan'ny sekta mihitsy akory ny Tenin'Andriamanitra, fa vato fototry ny Fiangonan'i Jesoa Kristy kosa, izay ivondronan'ireo tena zanak'Andriamanitra marina tokoa. Mainka fanehoana ny Fiangonana tafaray sy manoa an'i Kristy ao amin'ny toerana iray aza io fisintahana io. Tsy hoe ny Fiangonana manontolo akory ireo mpino vitsivitsy tafangona ao amin'ny toerana anankiray ireo. Izy ireo kosa anefa no fanehoana hita maso ny Fiangonana, mifanaraka tsara amin'izay ampianarin'ny Baiboly. Fiangonan'i Jesoa Kristy izy ireo, manoa an'Ilay Filohany, mivory amin'ny anarany, ary manantena Azy amin'ny zavatra rehetra.

Tsy ho tontosa mihitsy io firaisana io, raha tsy amin'ny alalan'ny fanoavana ny Soratra Masina tokana ihany. Tsy ho tò io raha tsy misy ny fisintahana amin'ireo fiangonana, na fikambanana, naorin'olombelona.

* * *

Irinao ve ny hanaraka ny lalan'ny fankatoavana, izay ambaran'Andriamanitra ao amin'ilay Teniny

tsy mba mamitaka ? Manaova àry toy ireo kristiana tao Beria :

> «... *Nandray ny teny tamin'ny zotom-po indrindra ireo ka nandinika ny Soratra Masina isan'andro, na marina izany na tsia* » [26].

Ka aiza àry no tian'Andriamanitra hisy anao ?

Ento am-bavaka ny amin'izany, ka aoka Izy ihany no hampahafantatra anao ny sitrapony ny amin'izay toerana tokony hisy anao. Ireto zava-droa loha ireto hatrany no fepetra takin'izany : ny hitsim-po ary ny fankatoavana an'Andriamanitra sy ny Teniny.

Moa manan-jò hisafidy ve isika ?

Nampanantenain'i Jesoa ny fanatrehany, raha misy roa na telo mivory amin'ny anarany. Tonga eo am-pivoriana ireo mpino ireo, satria manatrika eo ny Tompo. Ny anaran'io Tompony io ihany no ekena sy omem-boninahitra ao amin'io fivoriana io. Ny fitiavany an'i Kristy no nanosika azy ireo ho eo, ary tafahaona aminy marina tokoa izy ireo.

Tsy hoe adidy tsy maintsy efaina akory ny fanatrehana ny fotoam-pivoriana, ka tonga eo ny

---

26. Asan'ny Apôstôly 17. 11

mpino. Tsy hoe noho ny fahamoran'ny fifandraisana no antony hamonjeny izany, na ho fiombonam-po amin'ny olona iray na maromaro, na koa hoe ho fandalana ny fombafomba. Tsy anton-javatra, izay hita ho toa mitombina tokoa, no mahatonga azy ho eo — toy ny hoe tao amin'io toerana io aho no niova fo, tao aho no nitombo sy nahazo ny tolotsain'ny mpitoriteny kalaza, nahita fitahiana marobe aho tao, na hoe tao no nahazoako nanompo betsaka. Ny fanoavana ny fampianaran'ny Soratra Masina no tsy maintsy hitarika an'ireo tena kristiana hanatrika ny fotoam-pivorian'ny mpino misy etsy sy eroa. Tsy mamela antsika hisafidy Andriamanitra amin'izany ; ny hankatò no andidiany antsika.

Porofom-pitiavana lehibe ny fankatoavana. Ary izany no asaina atolotsika an'Ilay efa tia antsika mialoha : « *Raha misy tia Ahy, hoy ny Tompo Jesoa, dia hitandrina ny teniko izy* »[27].

Izany fitiavana ny Tompo izany, dia Ilay Tompo nahazoany ny zava-drehetra, no hery mahery vaika manetsika azy ireo hivondrona.

Moa tena mivory marina tokoa amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Tompo ve ianao ?

---

27. Jaona 14. 23

Imprimé en France par IMÉAF – 26160 La Bégude de Mazenc
Dépôt légal : 4e trimestre 2007 - N° d'impression 70739